## FENOARIVO ALAKAMISY 4

# NIREFODREFOTRA NY BASY 2 LAHY LAVON'NY BALA

## MARINA IZANY ! 7
## MIAKATRA NY FEO !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7490 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 07 febroary 2023


## BAREA CHAN 3




## NOTOLORAN'NY TELMA VOLABE SY FINDAY

## AREMA 7

# "NOPOTEHINA NY FOTODRAFITRASA NAPETRAKY NY AMIRALY DIDIER RATSIRAKA"

## MINISITRY NY RAHARAHAM-BAHINY 7



## "MANANA NY FIANDRIANANY NY FIRENENTSIKA, TOMPON-TSAFIDY AMIN'IZAY TIANA HIARAHA-MIASA"


## RUGBY 3



# LIGIM-PARITRA 7 MANGATAKA FIVORIAMBE TSY ARA-POTOANA

## RDJ MOZIKA 2

## NISANTATRA NY AMBOARAN'NY FIANJAIKANA I JOHANE










Rdj Mozika andiany faha-18

# Nisantatra ny Amboaran'ny fianjaikana i Johane sy Ariane

Amboara 32 no nozarain'ny RDJ Mozika ho an'ny mpanakanto teny amin'ny CCI Ivato ny Zoma lasa teo. Gadona sy karazan-kira maro samihafa no nifaninana tamin'izany. Hatramin' ny fotoana nisiany hatramin'izao andiany faha-18 izao dia natao hankasitrahana ireo mpanakanto mendrika izay niara-niasa tamin'ny RDJ ny hetsika, fa etsy ankilany ny mpanakanto ihany koa miandry fatratra izany mba ahafahan'izy ireo mamaritra ny lazany. Tao anatin'ny filaminana tanteraka no nanatanterahana ny hetsika ary noraisiny tamin' ny karipetra mena ireo mpanakanto izay tonga. Anisan'ny nampiavaka ny Rdj Mozika 2022 ny fijerena izay fiakanjo mendrika sy tsara indrindra ka nandrombaka ny andiany voalohany teo amin'ny vehivavy izany i Johane raha Ariane kosa no teo amin'ny sokajy lehilahy. Fa anisan' ny nampitaintaina ny fiandrasana izay ho mpanakanton'ny Taona 2022, Marihana fa tsy ny mpikarakara no mifidy fa ny mpanaraka sy mpankafy ny RDJ. Taorin'ny fanisana ny vato dia i Mad Max no nandrombaka ny Amboaran' ny mpakanakanton'ny taona 2022. Ny tononkira tsara indrindra kosa dia ilay hiran'ny Rim Ka mitondra ny lohateny hoe "Very Jery". Nibata ny amboaran'ny mpanakanto nisandratra tamin'iny taona 2022 kosa i FSC Mozika. Fa ankoatra izay dia nanaja ny soatoavina hanandratana ireo mpanakanto tsy tontan'ny ela toa an'Iraimbilanja izay nahazo ny "Trophée d'honneur" ny RDJ, Ny Tarika 'Zay nahazo ny amboaran' ny fampisehoana tsara indrindra tamin'ny alalan'ny "Misaotra Nary". Fa ankoatra izay dia nobatain-dRy Oladad ny Amboaran'ny "Mozika mihetsika Variété."



Johane teo amin'ny Vehivavy ary Ariane teo amin'ny lehilahy no nahay nianjaika indrindra.

Amin'ny manaraka dia hampidirina ao amin'ity hetsika ity ihany koa ny mpilalao filma sy ny filma malagasy, ny mpanao tantara, sy ny maro hafa. Nofinofin'ny Talen'ny Rdj aza moa ny hanokatra fahitalavitra.

Tiaray R

Fikambanan'ny Betsileo miray hina

# Hifampiarahaba tratry ny taona eny Amboatavo Itaosy

Tahaka ny isan-taona dia manao fihaonambe ny ny fikambanan'ny Betsileo Miray hina eto Antananarivo. Amin'ity taona ity dia raikitra fa eny Amboatavo Itaosy ao amin'ny Espace Voaroy no hanatanterahana ny fihaonana ny 19 Febroary izay hanomboka amin' ny 2 ora sy sasany tolakandro. Ny Fikambanana moa dia natao mba hampivondronana ny Foko Betsileo eto Antananarivo. Tanjona ny hisian'ny fifanampiana ara-tsosialy sy fifanakalozana traikefa eo amin'ny samy mpikambana. Fiarahana mikorana amin'ny fomba Betsileo no atao ka i Mem's Akademia no hanafana ny sehatra. Maro ny zavatra tsy ampozina hitranga eny an-toerana amin'io fotoana fa ny tena hampiavaka azy dia ny fanehoana ny kolontsaina betsileo ka hasongadina amin'izany ny fomba fitafy sy taovolo mampiavaka ny foko Betsileo. Amin'ity fotoana ity ihany koa handraisana ireo mpikambana vaovao ho an'izay maniry izany ary tokony hitondra karine izy ireo hanamarihana izany. Fa ho an'ireo mpikambana tranainy ihany koa dia tokony hitondra ny karine izay nanoratana ireo latsa-kemboka efa naloany hatramin'ny naha mpikambana azy. Ho savaina eo am-pidirana io karine io ka samia mivonona.



Mem's Akademia no hanafana ny fiarahan'ny Fikambanan'ny Betsileo miray hina eto Antananrivo.

Ny Mem's Akademia moa dia mpanakanto zanaky ny foko Betsileo. Aorian'ity dia ity eto Antananarivo ity dia hanafana ny fetin'ny fikambanan' ny Betsileo Miray hina any Fianarantsoa sy Antsirabe izy.

Tiaray R

"Amour'rire 2"

# Hatsikana ranoray ao amin'ny CC Esca Antanimena

Manome fotoana ho an'ny rehetra indray ao amin'ny Cc Esca Antanimena ry Aldini,Riri, Honorat ary Éric ao anatin'ilay hetsika "Amour rire" izay hatao ny sabotsy 19 febroary izao amin'ny roa ora tolakandro. Efa tafiditra amin'ny andiany faharoa moa izany amin'ity taona ity. Mampanantena hatsikana ranoray indray izy ireo ao anatin'izany sady hitantara fitiavana ihany koa. Hanamarihana ny fetin'ny mpifankatia rahateo ity seho ho ataon'izy ireo ity ka dia samy ahazo izay tandrifiny avy ny tsirairay ao anatin'izany. Hiavaka ihany koa ny zavatra ho hita satria dia hifangaroharo eo izy ireo fa tsy ireo ekipa efa mahazatra antsika no hiaraka fa hisy fotoana i Riri sy Eric no hiaraka eny an-tsehatra, hisy fotoana koa mety hoe i Honorat no hiaraka amin'i Aldini. Izany indrindra koa no hamoaka ny hakanton' ny fampisehoana amin'io fotoana io. Fa ankoatra izay dia handravaka izany koa ny fanaovan'izy ireo "déguisement" miavaka sy mampiomehy avy hatrany. Haharitra ora telo eo izay fampisehoana hataon'izy ireo izay ary inoana fa dia hihomehy tanteraka isika mandritra izany.



Hanamarihana ny fetin'ny mpifankatia rahateo ny seho.

Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny teny fiderana, raha misy fanakianana dia fanaratsiana tsotra izao. Ny faniniana atao, raha ho amin'ny fahatsarana dia mitondra fiderana. »

**Ny Vetso (26.02.14)**

(«Il y a de reproche qui louent et des louanges qui médisent.» La Rochefoucauld)

Mpikabary Iarivo Avaradrano

# Arison Olivier Boniface no filohan'ny sampana vaovao




Arison Liva Boniface no handrindra sy hitantana ny MPIAVA.

Fararanon-kabary ny teny Avaradrano, Sampana FI.MPI.MA. Mpikabary Iarivo Avaradrano (MPIAVA) ny Alahady 5 February 2023 teo. Lanonana manetriketrika notanterahina tao amin'ny Espace Tiana By-Pass Ambohimangakely no nanaovan'ny Filohan-tsampana FI.MPI.MA Iarivo Avaradrano vaovao. Manomboka izao izany dia i Arison Olivier Boniface indray no hitantana ny fikambanana. Fa ankoatra izay dia nandritra ity fotoana ity ihany koa ny fampitana ny "Fanilo" ho an'ny "Andiany Rakotoson Daniel" avy amin'ny andiany Fangady sy fandraisana mpikambana vaovao. Fa anisan'ny nanamarika ny hetsika ihany koa ny fampisaloran-damba ireo ho mpikambana raikitra sy fametrahana fango. Tamin'ity fotoana ity ihany koa no nanolorana solombodiakoho ho an'ireo Raiamandreny amin'izao taona vaovao izao. Fomba fanao hanajana sy hanomezam-boninahitra azy ireo moa izany. Tonga nanafy haja sy nanemitra voninahitra ny lanonana moa ny Ben'ny tanàna an'Ambohimangakely, ny Ben'ny tanàna an'ny Talata Volonondry, ny Lefitra faharoan'ny Ben'ny tanàna an'ny Sabotsy Namehana, ny Lefitry ny Ben'ny tanàna an'Imerintsiatosika, Ny Filohan'ny FI.MPI.MA. maneran-tany sy ireo Birao Foibe niara-dia taminy, ny Filohamparitany FI.MPI.MA. Antananarivo sy ireo biraom-paritany, ny Lohalontany Analamanga sy Itasy, ireo Filohan-tsampana FI.MPI.MA., sy ny sakaizan'ny FI.MPI.MA. Tarigetran'ny FI.MPI.MA aty amin'ity taom-piasana vaovao ity moa ny hoe "Miroso hatrany, miaro ny ilo mby an-doha." Eo am-panomanana ny fankalazana ny faha-60 taonany ihany koa ny FI.MPI.MA maneran-tany amin'izao fotoana izao.

Tiaray R

Twokii

# Hamoaka hira vaovao anio : "diso tia"

Hivoaka anio indray ny hira vaovao an'i Twokii, vokatra iray vaovao be amin'ity taona ity moa izy io izay ho atolony ho an'ny mpankafy azy rehetra indray. Ao amin'ny fesiboky izany no hivoaka voalohany ary avy eo dia ho hita amin'ny haino aman-jery hafa indray . Ankoatra io hira io dia hanolotra fampisehoana iray any Anororo ihany koa izy anio. Any araka izany no hisantarany ny fihirana izany hira vaovao izany. Any ihany koa no hisantarany ny fitetezamparitra amin'ity taona ity. Marihana fa toerana efa nanaovan'ny tarika fampisehoana moa io fa nohon'ny fangatahan'ny mpankafy maro be dia miverina any indray izy ireo. Nolazainy moa fa misokatra amin'ny fiaraha-miasa rehetra mihitsy ny tarika ka ho an'izay hiantso azy ireo hanao fampisehoana dia afaka miserasera ao amin'ny pejy fesibokiny.

Tanya.R

Kitra - Barea CHAN

# Nahazo volabe sy finday avo lenta avy amin'ny Telma

Mahazo "Carte visa Mvola" tsirairay avokoa ireo mpilalao sy staff rehetra, nandrafitra ny delegasiona Malagasy, niatrika ny CHAN 2022 teo , izay efa misy 4 tapitrisa ar ao anatiny, hahafahany miantsena na eto an-toerana na any ivelany. Ankoatra izay, notolorana "smartphones samsung 4G S22" sy "A22" avokoa izy ireo, miaraka amin'ny « abonnement » Telma Net 25Go, mandritra ny herintaona. Omaly tetsy amin'ny campus Telma Andraharo no nanolorana izany, nandritra ny lanonampandraisana ireto maherifon'ny firenena ireto. Nampatsiahivin'ny Administrateur Directeur General ny Telma, Patrick Pisal Hamida, fa amin'ny maha mpanohana ofisialy azy ireo, dia hafaliana ho an'ny Telma ny mizara hafaliana amin'ny ekipam-pirenena, izay nahavita ezaka lehibe tany amin'ny CHAN 2022. "Reharehan'ny orinasanay ny vokatry ny fanohanana ity taranja baolina kitra ity hatramin'izay», hoy izy, izay nisaotra betsaka ny Barea tamin'ny ezaka sy dingana goavambe vitan'izy ireo. Tonga nanome voninahitra ity lanonana ity ihany koa ny ambasadaoron'i Alzeria miasa eto amintsika, SEM Malek Djaoud, izay resy lahatra tamin'ny fahaizamanaon'ny Barea, nosinganiny manokana i Rakool, izay nalain'ny klioban'ny Mouloudia d'Alger, hilalao any aminy. Nisaotra ny fanohanana ngezabe nataon'ny orinasa Telma kosa ny filoha lefitry ny FMF, Andriamanampisoa Alfred, izay manantena ny hitohizan'ny fiaraha-miasa sy hampiakarana ny vola fanampian' ny Telma ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra. Ankoatra izay, nanambara, fa hanolotra vola 150 tapitrisa ar ho an'ny Barea ihany koa ny federasiona, izay fanamby efa napetraka mialoha ny fifaninanana izany, hoy izy. Mahakasika ny Barea A, mbola i Nicolas Dupuis no mpanazatra azy, hoy izy, izay anatin'ny fifanarahana teo amin'ny roa tonta, efa nangataka sahady aminy kosa anefa izahay, hoy hatrany ity filoha lefitry ny FMF ity, ny amin' ireo mpilalao antsoina, hiatrika ny tohin'ny fifanitsanan'ny CAN sy ireo tetiandro rehetra amin'ny fanomanana, izay ezahana mba andro maro mialoha ny andron'ny lalao. Nisaotra izao fihetsika nasehon'ny orinasa mpanohana, ny federasiona ary ny vahoaka Malagasy kosa ny mpanazatra, Rakotondrabe Romuald, satria na teo aza ny finiavana, hoy izy, tsy afaka nampiseho ireny fahaizana ireny, raha tsy teo avokoa nareo rehetra nanampy.

**Rabenaivo**

Lalaina Nomenjanahary "Bolida"

# Misy mpilalao mendrika ny ho tompon-toerana amin'ny CAN 2024


Nidera ny ezaka vitan'ny mpilalao tamin'ny CHAN 2022.

Taorian'ny CHAN 2022, dia efa mifantoka sahady amin'ny tohin'ny lalao fifanintsanan'ny CAN 2024, tanterahina ao anatin'ny vondrona E misy ny firenentsika, ny sain'ny mpankafy baolina kitra Malagasy. Momba ny mpilalao handrafitra ny Barea de Madagascar, hiatrika ny andro fahatelo sy fahefatra amin'ny lalao fifanintsanana amin'ny 20 – 28 martsa 2023, izay hifandonana amin'ny ekipan' ny " Les Fauves du Bas-Oubangui "-n'i Repoblikan'i Centrafrique, dia naneho ny heviny momba an'izany i Lalaina Nomenjanahary. Nitodika tamin'ireo mpilalao, niaro ny voninahi-pirenena tany Algerie i Bolida, izay betsaka no nilaza fa azo ampiadiana tsara amin'ny fiatrehana ny tompondakan'i Afrika any Senegal, tompondaka CAN 2019 tany Egypte ary handray ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2024. Tsy nisalasala izy nilaza fa : " *Manana ny hoaviny ireo zandrikely ireo raha toa ka tsara karakara. Tsy ho ravaina toy ny nanjo anay tamin'ny 2019 (...). Misy mpilalao mendrika ny ho tompon-toerana ao anatin'ny Barea de Madagascar, hiatrika ny CAN 2024. Tokony hanana fahasahiana tsy ho saro-kenatra fa ampiseho ny maha izy azy* ". Raha nanao jery todika ny dingana vitan'ny ekipam-pirenena tamin'ny CHAN 2022 i Bolida, dia nisaorany voalohany ny ezaka sy ny fanetre-tena, nananan'ny mpanazatra Rakotondrabe Romuald "Rôrô" tamin'ny namondronany sy nanazarany ny mpilalao. Nanipy teny ho an'ny mpitantana ny baolina kitra malagasy koa ny tenany amin'ny tokony ampiarahina hatrany ny mpilalao avy eto an-toerana sy any ivelany, rehefa amin'ny fotoana ampitsaharan'ny federasionina iraisampirenena (FIFA) ny fifaninanana any amin'ny firenena ilalaovan'ireny matihanina ireny. Ho an' ireto farany manokana dia nomarihany fa miaraka manao fanazarantena rehefa misy fotoana malalaka hanaovana an'izany.

**Tsara ho fantatra**

Ampatsiahivina fa tahaka izao ny voka-dalao tamin'ny andro voalohany sy ny faharoa (30 mey – 14 jona 2022), nanaovana ny lalao fifanintsanana tao anatin'ny vondrona E misy antsika : Ghana "Black Stars" (3) # Madagasikara (0) – Angola "Palencas Negras" (2) # Republique Centrafrique "Les Fauves du Bas – Oubangui" (1) – Madagasikara (1) # Angola (1) – Republique Centrafrique (1) # Ghana (1). Toy izao kosa ny fisotran'ny fandaharandalao amin'ny andro fahatelo sy fahefatra (20 – 28 martsa 2023) : Ghana # Angola – Madagasikara # Republique Centrafrique – Angola # Ghana - Republique Centrafrique # Madagasikara. Ny filaharana vonjimaika : 1°/ Ghana (isa : 4 points ; G.A : +3) – 2°/ Angola (4 ; +1) – 3°/ Republique Centrafrique (1 ; -1) – 4°/ Madagasikara (1 ; -3)

**aris rafaly**

Rugby - Ligim-paritra 7

# Mangataka hanao fivoriambe tsy ara-potoana


Ireo filohan'ny ligim-paritra nanatitra taratasy tetsy Ambohijatovo omaly.

Ligim-paritra 7 (Menabe, Ihorombe, Vakinankaratra, Betsiboka, Atsinanana, Diana, Matsiatra ambony) no tonga tetsy amin'ny biraon'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena Ambohijatovo omaly, taranja Rugby. Hanatitra taratasy fangatahana hanatanterahana fivoriambe tsy ara-potoana no anton-dian' izy ireo, izay nambaran'ny mpitondra teniny, Rasolonjanahary Tefy, filohan'ny ligin'i Betsiboka, fa hatreto, mbola tsy nahazo taratasy fankatoavana avy amin'ny MJS ny federasiona voafidy tany Toliara, ka nahatonga anay nangataka ity AGE ity. Feno ny fetr'isa ilain'ny mpangataka(Organe supréme), izay afaka mampiantso fivoriambe, toy ny Federasiona, hoy ity mpitondra teny ity, izay fanaovana ny Rugby ho fampandrosoana, ary hamaha sy handravona ity taranja ity no tanjon'izy ireo. Nohamafisin'ity mpitondra teny ity, fa tsy misy resaka politika izao fitakian' izy ireo izao, fa noho ny zava-misy nitranga teo anivon'ity taranja ity ihany. Amin'izy ireto, ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena no masi-mandidy ka izay ekeny sy hankatoaviny ihany no tokony aradalàna, tsy misy, hoy izy ireto ny hoe "Africa Rugby" na ny "Word Rugby" no hanome ny "certificat de conformité". Nilaza ho tsy manakorontana ny taranja Rugby na miady amin'olona izy ireto, fa mijoro fotsiny ihany handamina ho aradalàna ny fitantanana ny taranja baolina lavalava eto amin'ny Firenena. Andrasana indray izany ny tohin' ity resaka ity, izay tsiahivina, fa efa nanambara ny filohan'ny KOM tany Toliara farany teo, fa tsy hanaiky intsony ny fitsabahan'ny Minisitera amin'ny raharaham-pitantanana eo anivon' ny Federasiona isan-tsokajiny.

**Rabenaivo**

Basket - SBBAR

# Noravain'ny orana ny fihaonan'ny DTSC sy ny BCR

Mitohy hatrany ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Section Antananarivo Renivohitra amin'ny Basket-Ball amin'ity taom-pilalaovana ity. Teny amin'ny kianjan'ny Firaisana Anosisoa Ambohimanarina, dia noravain'ny orana ny fihaonana teo amin'ny Dream Team Sporting Club sy ny Basket Club Riri, sokajy lehilahy N1BH. Mbola nahemotra koa ny fihaonana tokony nataon'ny RTSC sy ny Tacbb tamin'ny alahady maraina. Teo amin'ny fanatanterahana ny ampahefapotoana faharoa no nirotsaka ny orana ka voatery natsahatra ny lalao, na dia efa nitarika tamin'ny isa aza ny DTSC. Toy izao ny vokadalao N1B lahy sy vavy : "N1BH"/ Akbb (57) # Mucadro (42) – Assm (68) # Asa (66) – Ambb (61) # Fbc (52) – Jap Mada (70) # Nbe (49) – Esi (50) # Akamasoa (56) – Dbc (43) # Ujb (29) – Assm (51) # Lucadro (34) – Maroliona (36) # Fandrefiala (53) – Nbe (34) # Soe (69) – Ambb (87) # Tacbb (39) – Gio Sao (30) # Jap Mada (55) – Asa (47) # Akbb (49) ; "N1BD" / Mb2all (53) # Gio Sao (17) – Fandrefiala (54) # Bci (12) – Jap Mada (34) # Dbc (38) – Lucadro (38) # Jcba (25) – Aca (43) # Akamasoa (37) – Fandrefiala (36) # Lucadro (29) – Jcba (40) # Sepa (22) – Gio Sao (20) # Akamasoa (64) – Mb2All (58) # Jap Mada (24) Aca (41) # Fbc (19) – Asa (33) # Bci (26)

**a.r**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, poketra, kiraro, machine, TV, bisikileta, fanaka, cahier sns. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-5)

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, TV, kiraro, lamba, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-4)

* Mividy kilalao, kiraro, poketra, tele, radio, débarras. Cause départ. Tél : 034.68.141.74. (G-BA 462/6-3)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, fanaka, debara, frigo, TV. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 464/6-1)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-2)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 466/3-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-2)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 461/5-4)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 465/6-1)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-12)

Fenoarivo Alakamisy

# Nirefodrefotra ny basy, roa lahy lavon'ny bala

Nirefodrefotra ny basy ! Jiolahy 2 mitam-piadiana no lavon'ny balan'ny zandary tetsy amin'ny toerana antsoina hoe Tsararivotra Antombona, fokontany Antanety II, kaominina Alakamisy Fenoarivo, distrikan' Antananarivo Atsimondrano, omaly vao maraina tokony tamin'ny 2 ora sy 50 minitra tany ho any. Jiolahy miisa 5 izy ireo no nifandona tamin'ny mpitandro ny filaminana. Ny roa no voatifitra ka maty teo no eo ihany fa ny ambiny tafatsoaka nandositra avokoa. Rehefa natao ny fisavana dia nahatrarana fitaovam-piadiana ireto olon-dratsy ireto.

**Hiarovana tena**

Raha zohina dia zandary nanao fisafoana amin'ny alina no nifanena tamin'ny andian-dehilahy maromaro nitondra entana mampiahiahy. Rehefa nahita izany izy ireto dia nampitandrina an'ireo lehilahy ireo mba hijanona. Nantsoina tamin' ny feo avo ihany koa nasaina hijanona. Taorian'izay anefa no nitifitra ireto olon-dratsy ka nahatonga ny zandary nampiasa fitaovam-piadiana mba hiarovana tena. Lavon' ny bala teo no eo ny roa lahy ka maty tsy tra-drano. Ireo dia nahatrarana basy poleta vita gasy sy fitaovana fentina mamaky trano toy ny « pince, barre à pince », lakile,….sns. Tsy nahitana taratasy milaza ny mombamomba azy ireto namoy ny ainy ireto. Araka izany dia naterina any amin'ny tranompaty hopitaly Hjra ny razana, miandry izay mety ho havany haka azy.

**Ariel D.**

Toliara

# Jiolahy 4 nirongo basy nanafika, voatifitra ilay rangahy tompon-trano

Tokantrano iray no lasibatry ny asan-jiolahy tany Andaboly Toliara omaly maraina ka naratra notifirin'ireo jiolahy ilay lehilahy tompontrano ary voamafy teo amin'ny amin'ny sorony havia. Jiolahy efatra nirongo basy PA no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Niditra ankeriny tao amin'ilay tokantrano izy ireo ary nandrahona tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny. Fantatra fa nanohitra ilay raim-pianakaviana ka notifirin-dry zalahy ary io naratra io. Nandritra izany, nisy olona nahafantatra ny fisian'ity asa ratsy ity izay nampandre ny polisy tany an-toerana avy hatrany. Vantany vao nandre ny zava-nisehoy ny polisin'ny Fip tsy niandry ela fa avy hatrany dia nidina ifotony tany amin'ilay toerana nisehoan'ny fanafihana. Mbola tazan'izy ireo ireo olondratsy tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany saingy ireo jiolahy kosa lasa nirifatra nandositra raha nahita ireo polisy.

**Roa lahy voasambotra**

Nifanenjehana ry zalahy ka tsy lavitra dia tra-tehaka ny lehilahy iray tamin'ireo olondratsy. Nitohy hatrany ny fanenjehana ka voasambotra ihany koa ny lehilahy iray hafa. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana izy roa lahy tratra ireto ka fantatra fa ilay lehilahy tratra faharoa io no tompon'ny môtô nampiasan-dry zalahy tamin'ilay fanafihana ary izy rahateo ihany koa no tompon'io môtô io. Marihina fa mbola tsy nahazo na inona na inona ireo jiolahy nandritra ity asa ratsy ity. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo jiolahy namany.

**T.H**

Fety teny Mahamasina

# Olona 5 tratra nangarom-paosy, ankizy 4 very

Mpangaro-paosy dimy no voasambotra teny Mahamasina nandritra ny lanonana niseho tao amin'ny kianjan'ny barea afakomaly. Teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy izy ireo no saron'ny polisy. Niditra tao anatin'ny kianja toy ny olona rehetra handeha hijery fety izy ireo. Zavatra hafa anefa no anton-diany tao. Tsy tsikaritry ry zalahy fa efa misy ny mpitandro filaminana manara-maso ireo mpanao asa ratsy ihany koa tamin'io andro io ankoatra ny fitandroana ny filaminana nosahanin'izy ireo teny antoerana ka dia ireo tratra am-body omby ireto lehilahy ireto. Ankoatra izay, ankizilahikely efatra ihany koa no tsy nahita ny ray amandreniny fa very nandritra iny fety teny Mahamasina afakomaly iny. Fantatra fa mipetraka any amin'ny toerana samihafa eto an-drenivohitra izy ireo. Notanana teny amin'ny polisy misahana ny zaza tsy ampy taona teny Tsaralalàna ireo ankizy ireo ary efa nanaovana filazana nasaina naka azy teny ny ray amandreniny ka omaly no tonga naka ireo zaza ireo ny fianakaviany. Fa lehilahy 25 taona mpanendaka ihany koa no voasambotra teny Besarety afakomaly tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Olona tratra alina handeha hamonjy fodiana no nosakanan'ireo olon-dratsy miisa roa teo amin'ny rond point Andravoahangy ka ny finday teny aminy no kendrendry zalahy ho alaina. Nisy polisy miasa tsy lavitra teo anefa nahita izany asa ratsy izany ka nandeha nisambotra ireo jiolahy ka ny iray no tratra fa ilay namany kosa tafaporitsaka.

**T.H**

Mahasolo

# Trano iray nirodana, zaza mianadahy naratra mafy

Trano iray no nirodana vokatry ny rotsak'orana be tao an-tampon-tananan'i Mahasolo omaly tokony tamin'ny dimy ora maraina. Zaza mianadahy tavela tao an-trano no naratra mafy vokatra izany. Nandeha nivarotra, namonjy tsena maraina ny renin'ireto zaza mianadahy ireto ka mbola natory izy ireo tamin'ny fotoana nisehoan'ny loza. Raha tsiahivina dia nikija dia nikija ny orana nanomboka ny alahady folakandro, nitohy ny alina tontolo ary mbola tsy nitsahatra hatramin'ny ora nanoratanay. Noezahan'ny fokolona sy ny manodidina navotana izy mianadahy ka mba avotra soa ama-tsara ihany saingy naratra mafy. Nentina namonjy toeram-pitsaboana tao Mahasolo avy hatrany. Ilay zazalahikely tsisy hatahorana ny ainy fa ilay vavikely kosa tena voa mafy. Tsy vita tao antoerana araka izany ity farany ka nalefa niakatra any an-drenivohitra nanarahana akaiky ny fisaboana azy.

**Rablaise**

Miarinarivo

# Razana 20 tao am-pasana very

Nokorontan'ireo tsy mataho-tody ny fasana maromaro teny Morarano, fokontany Ampasamanatongotra kaominina Mirinarivo II, afakomaly. Lasa avokoa ny taolam-paty ary araka ny fizahana natao teny ifotony dia fasana 5 no nisy namaky ka razana efa 20 no voakitika nangalarana taolana. Izany hoe samy voaroba avokoa ny faty tamin'ireo fasana ireo. Anisany niharan'ny fahavakisana fasana an'ireo fianakaviana monina Ambohitratoandro, kaominina Analavory, izay nahaverezana taolan-drazana miisa 65 tamin'ny razana 7. Ny an'ny fianakaviana iray monina ao Morarano, izay nokasaina ho vakiana fotsiny ihany fa ny an'ny olona monina ao Amparihy, Ambonindriana kaominina Analavory dia razana 5 no voakitika ary taolana 32 no lasa. Misy ny fasana izay nahaverezana taolana 60 ….sns. Santionany ihany ireo ary marihina fa mbola misy fasana tsy fantatra ny tompony, araka ny loharanom-baovao hatrany.

**Ariel D.**

Lalam-pirenena "RN8A"

# Mpanakan-dalana maty nifandona tamin'ny miaramila

Dahalo mpanakan-dalana iray tao amin'ny lalam-pirenena "RN8A" izay mampitohy an'ny distrikan'Antsalova sy Maintirano ity ilay tonga amin'ny fitenenana hoe ela nitoratorahana ka nahavoa mason'angatra. Miaramila handeha hanao fisafoana no sendra azy ka nosakanany sy nampitahoriny. Tsy vitan'izany fa notorahany vato ireto tafika ireto ary nokasainy horobaina. Niaro tena ny ankilany ka voatery nampiasa fitaovam-piadiana. Maty voatifitra io dahalo io ary rehefa nosavaina dia mbola tratra tany aminy ny ody ratsy toy ny mohara sy lamba mena ary fitaovampiadiana pilotra. Betsaka ny fitarainana fa misy dahalo manafika, makana mpandeha eo amin'ny tanàna antsoina hoe Ambolatera, anelanenany Antsalova sy Antsenaloka. Nanapakevitra mihitsy ireo manampahefana any an-toerana fa mifadimby manao fisafoana ny mpitandro ny filaminana polisy, zandary ary miaramila.

*Ny andron'ny afakomaly dia anjaran'ny miaramila no nisahana ny fandriampahalemana amin'ilay lalana.*

**Mpiasa kariera**

Ny andron'ny afakomaly dia anjaran'ny miaramila no nisahana ny fandriampahalemana amin'ilay lalana. Tamin'izany ihany koa no nisy olona maromaro niaraka tamin'izy ireo nanararaotra niara-dalana tamin'ireto miaramila. Ireo olona ireo dia mpiasa kariera na mpanao vato any Ambatomena. Nahasarika an'ilay dahalo anefa ny fahitana ireto olona maromaro ireto ary tsy nahatsikaritra izy fa nisy mpitandro ny filaminana tao. Nihevitra ny hanao ny asa ratsiny araka izany ilay dahalo ity ka izao lavon'ny bala izao. « *Ny dahalo misakan-dalana ao amin'io toerana io dia matetika mandrava olona ary izy ireo dia tsy mitondra basy fa avy dia mandrahona tsotra izao ary mitsoka kiririoka. Ny sasany kosa dia mitondra basy fa samy dahalo ihany ireo ary tena mampitaraina ny vahoaka amin'io fisakanan-dalana io* » : hoy ny depiote voafidy tany Antsalova. Nankasitrahan'ny mponina ny vokatra azon'ireto miaramila saingy nisy kosa ny andian'olona izay milaza fa havan'ilay olon-dratsy nitsangana ho tsy faly amin'izao fahafatesan'io olon-dratsy io izao. Na izany aza rehefa voaporofo fa dahalo ilay namoy ny ainy dia nangina ihany ireto milaza ho havany.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

Feno




## Hatsikana an-tsary

Kenda




## Masoandro Miposaka

**Jeremia 31 : 31**

"Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanaovako fanekena vaovao amin'ny taranak' Isiraely sy ny taranak'i Joda,"

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Raha voatohina ny aty, marary ny afero.**

Quand on heurte le foie, la bile en est malade.

*Quand deux personnes sont vraiment liées, ce qui frappe l'une, frappe l'autre.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2875

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | 9 | |
| 4 | | | | | 1 | 5 | | |
| 2 | | | | 5 | 4 | | | |
| | | 7 | 3 | | | | 8 | |
| 1 | 2 | | 6 | | | | | 7 |
| 9 | | | | 1 | | 4 | | |
| | 1 | | | | | | 6 | |
| | | | | | 6 | | | |
| | 8 | | | | | 9 | 7 | |

Valin'ny laharana 2874

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 1 | 6 | 9 | 7 | 2 | 3 | 4 | 5 |
| 5 | 7 | 4 | 6 | 3 | 8 | 2 | 9 | 1 |
| 3 | 9 | 2 | 5 | 1 | 4 | 8 | 6 | 7 |
| 9 | 6 | 7 | 3 | 2 | 5 | 1 | 8 | 4 |
| 4 | 3 | 1 | 8 | 9 | 7 | 5 | 2 | 6 |
| 2 | 8 | 5 | 1 | 4 | 6 | 7 | 3 | 9 |
| 7 | 5 | 3 | 2 | 6 | 9 | 4 | 1 | 8 |
| 1 | 4 | 9 | 7 | 8 | 3 | 6 | 5 | 2 |
| 6 | 2 | 8 | 4 | 5 | 1 | 9 | 7 | 3 |

Minisitry Raharaham-bahiny mpisolo toerana

# "Firenena manana ny fiandrianany isika ary tompon-tsafidy amin'izay tiana hiaraha-miasa"

Notanterahina omaly teny amin'ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny Anosy ny famelabelaran-kevitra mitondra ny lohateny hoe : "Madagascar : insularité et contraintes géopolitiques". Nitarika izany teny an-toerana ny Jeneraly Rakotonirina Richard, minisitry Raharaham-bahiny mpisolo toerana sady minisitry Fiarovam-pirenena. Nohazavainy tamin'izany fa i Madagasikara dia nosy ary firenena manana ny fiandrianany. *"Tany mahaleo-tena isika. Manana ny heviny, ny fomba fijeriny, ary misafidy ny hiarahany miasa na tsia, ka tsy misy ny afaka manery azy amin'izany »,* hoy izy. Namafisiny fa afaka mametraka ny fomba fijeriny manoloana ny zava-misy iraisam-pirenena ankehitriny isika, ka Filohan'ny Repoblika no lehibe mitarika izany ahafana mipetraka eo amin'ny toeran'ny tsy fiandaniana sy ny tsy hombana ny atsy na ny aroa. Tetsy andanin'izany, nilaza Atoa minisitra fa afaka miara-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra, ary mitondra ny anjara biriky amin'ny fametrahana ny fandriampahalemana maneran-tany ny firenena malagasy. Marihina fa nanotrona ny minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'ity valan-dresaka ity nyTale mpanorina ny "Institut de Relations Internationales et Stratégiques » (IRIS) Atoa Pascal Boniface sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny Jeneraly Gelle Serge, ny Sekretera Maharitry ny fiarovana sy filaminana eo anivon'ny Fiadidina ny Repoblika na SPDSN, ny Amiraly Randrianarisoa Marosoa Nonenana ary ny Masoivoho Frantsay Atoa Guilois Arnaud.

**JUDD**

## Marina izany !

### Miakatra ny feo !

**Toy ny zava-misy amin'ny ankamaroan'ny kaominina an-drenivohitra sy ambanivohitra dia manomboka miakatra ny feon'ny olon-tsotra, any Fianarantsoa, manoloana ny kolikoly sy tsindry hazo lena, ataon'ny olom-boafidy sy ny olom-boatendry ao an-drenivohitr'i Betsileo. Santionany amin'ny zava-misy ka nahatonga ny olon-tsotra mampiaka-peo sy nanentana ny vahoaka hamondrona ny hery, hanoherana ny tsy fanarahan-dalàna. Santionany amin'izany ny fakàna ny toerana nivarotan'ireo mpivarotra izay efa nohajariany efa an-taonany maro, nefa amidy amin'ny mpanambola. Vokany, very asa ireo mpivarotra. Eo ihany koa ny famarotana ireo tanin'ny kaominina amin'ny mpanambola, nefa ny olon-tsotra mangataka tsy mahazo toerana. Manginy fotsiny ny tsindry ataon'ireo mpiasan'ny kaominina amin'ireo mpivarotra ao amin'ny tsenan'Anjoma mahalasika ny fampiakarana ny hetra, saika isaky ny enim-bolana. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe ho tonga hatramin'ny fanalàna ny ben'ny tanàna ve ny hetsika ataon'ny mpivarotra izay nifanaraka nanidy ny tsena ary nivory tamin'ny toerana iray. Tranga anaovana antso amin'ny tompon'andraikitra voakasika mba hanara-maso na mitombina na tsia ny fisian'ny kolikoly, andaniny. Zava-misy ihany koa, ankilany ahiana hampangidy hoditra ny fitondrana ka hisy fiantraikany amin'ny fifidianana ho avy. Ny mampametra-panontaniana ihany koa dia tsikaritra ho mangina ny tompon'andraiki-panjakana any antoerana. Asa voatsindry ve sa mpiray tsikombakomba ? Na'inona na inona anefa holazaina dia tsy azo hamaivanina ny vaton'ny mpifidy any amin'iny faritr'i Betsileo iny, amin'izay fifidianana hotanterahina eo!**

Voahangy Rakotozafy

Fianakaviana 2 nifanafika tany Amboasary

# Misy lesoka tokony harenina ny fitandroana filaminana ambanivohitra

Taorian'ny gidragidra namoizana ain'olona maro tany Ikongo, tamin'ny taon-dasa dia tany amin'ny distrikan' Amboasary (faritra Anosy) indray no nisehoana savorovoro teo amin'ny samy Malagasy, namoizana aina, tamin'ny alalan'ny fitaovana maranitra, toy ny antsy, lefona...Olona 6 farafahakeliny no maty tamin'ireo fianakaviana roa nifanafika. Tsy iverenantsika eto ny antony nisehoan'ny loza. Ny tiana hisarihana ny sain'ny tompon'andraikitra fotsiny dia ny hoe: Matoa matetipitranga sy tsy voafehy ny herisetra ataon'olon-tsotra toy ireny dia misy lesoka tokony harenina ny fitandroana ny filaminana, indrindra ny any ambanivohitra. Inona moa ny zava-misy any? Ny iarahan'ny olom-pirenena mahita aloha dia vitsy ny mpitandro filaminana alefa any ambanivohitra. Hany ka rehefa misy ny sakoroka dia tsy mahatosika ireo any an-toerana. Zavatra telo no mitranga : na mamono olona ny mpitandro filaminana satria vitsy an'isa, na jereny fotsiny ny zava-mitranga na izy ireo mandositra. Ora na andro vitsivitsy aty aoriana vao tonga mpitandro filaminana nafarana. Mandrapahatongan'izy ireo anefa dia maty ihany ny maty na simba ihany ny fananana.

**Manenjika asa ahazoambola**

Anisan'ny heverina fa lesoka ny tsy fanajana ny isan'ny mpitandro filaminana tokony hiasa any ambanivohitra. Taorian'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa mahakasika ny Zandarimariam-pirenena manokana dia olombelona 20 no tokony hitandro ny fandriampahalemana any amin'ny borigady antsoina hoe "type A", raha 15 ny any amin'ny borigady "type B" ary 12 ny amin'ny borigady "type C". Mahakasika ny miaramila kosa dia olombelona 60 sy 90 ary 120 no tokony hapetraka amin'ny kaompania, any amin'ireo toerana lavitra sy saro-dalana. Ny zava-misy anefa dia zara raha misy olombelona 20 any amin'ireny kaompania ireny. Anisan'ny antony, araka ny loharanom-baovao avy amin'ny mpitandro filaminana ihany ny fampanenjehana asa ahazoam-bola ireo tokony hiaro ny ain'ny vahoaka sy ny fananany. Miandry ireo orinasa samihafa tantanin'ny tsy miakina eto an-drenivohitra mantsy ny ankamaroan'ny mpitandro filaminana. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe : Iza no mahazo tombontsoa amin'ireny? Ankoatra izany, antony iray niteraka ny fikorontanana ihany koa, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia fanovan-drafitra natao eo anivon'ny Tafika izay tsikaritry ny ao anatiny fa mijanona ho kabary aloha hatreto ny ankamaroany, noho ny hoenti-manana sy ny olombelona tsy maharaka.

**V.R.**

Lalana: Ihosy-Betroka-Ambovombe

# Namboarina mba hisorohana ny fahatapahan'ny fifamoivoizina

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza « Cheneso » farany teo dia nitondra ny teknisiana, nanara-maso ny fanombohan'ny asa vonjimaika tanterahina amin'ny lalam-pirenena faha-13, mampifandray an'Ihosy sy Betroka ary Ambovombe ny minisitry ny Asa Vaventy Hatrefindrazana Jerry sy ny teknisiana. Anisan'ny lalana namboarina, mba hisorohana ny fahatapahan'ny fifamoivoizana ny fanoloana ny tetezankazo ho « béton armé », mahazaka fiara roa ny eo amin'ny PK 61+ 900, mirefy 8 metatra ao Lampety. Toy izany koa ny ao amin'ny PM103+80 ao Ambalasoa, mirefy 5 metatra. Ary ny ao amin'ny PK 112+40 ao Naninoro izay mirefy 12 metatra. Ankoatra ireo dia namboarina ihany koa ny « radier » ao amin'ny PK 114+800, hiditra ny tanànan'i Betroka. Toy izany koa ny fotodrafitrasa hiarovana ny arabe tsy hihotsaka, eo amin'ny fidirana ny tetezan'i Mananovy PK 182+000. Teo ihany koa ny fanamboarana sy fiarovana ny arabe eo anelanelan'ny PK 226 sy PK 248 tsy hihotsaka. Nitohy tamin'ny fanamboarana ny tetezana hiditra ny tanànan'i Beraketa, ao amin'ny lakandranon'Amboangy, eo amin'ny PK 235+900 ny asa. Nohamafisin'ny minisitra mpiahy hatrany fa hatao manaraka ny kalitao sy ny fenitra avokoa ny asa hotanterahan'ny orinasa, nahazo ny tsenam-barotra.

**V.R.**

Sekretera Nasionalin'ny AREMA

# "Nopotehana ny fotodrafitrasa napetraky ny Amiraly Didier Ratsiraka"

Tontosa teny Tsiafahy ny sabotsy teo ny fambolen-kazo nokarakarain'ireo mpikatroka eo anivon'ny AREMA notarihan'ny Sekretera Nasionaliny Annick Ratsiraka. Manodidina ny 1 000 ireo nandray anjara ka velarantany amin'ny hekitara maro no voavoly zanakazo tamin' izany. Ankoatra ny tsangankevitry ny AREMA amin'izao fambolen-kazo izao dia nitondra ny fanehoan-keviny mahakasika ny toe-javatra eto amin'ny firenena ihany koa ny Rtoa Annick Ratsiraka nandritra ny lahateniny. "*Nopotehina ireo fotodrafitrasa napetraka nandritra ny fitondran'ny Amiraly Didier Ratsiraka. Nisy ihany koa ireo namidy sy nosimbaina. Manosika ny antoko hijoro sy handray anjara amin'ny fifidianana ho avy manomboka any amin'ny filoham-pirenena ka hatrany amin'ny filohampokotany ny fahitana ireny rehetra ireny. Aleo harenina amin'izay ny firenena fa betsaka loatra ny 20 taona nanimbana azy »,* hoy ity Sekretera Nasionalin'ny antoko ity tamin'izany. Nambarany ihany koa fa mitohy amin'izao fotoana izao ny fitetezana ny tananan'Antananarivo mba hahafahana mitondra ny vahaolana amin'ny mahararin'izy ireo. Ao anatin'izany rehetra izany, marihana fa mikarakara hetsika hanamarihana ny faha-47 taona nitsanganan'ny AREMA ny eo anivon'ny antoko ankehitriny. Hatao eny Antsahamanitra ny 19 Marsa izao izany.

**Mamy R.**


**AVIS DE MODIFICATION**

Suivant PV de l'AGE du 27/01/23, enregistré au bureau du CF III F°88 N°1171 AC55 du 01/02/23. Les associés de la Sté THE FORTUNE'S TRUE ont décidé :

- Agréément d'un nouvel associé
- Augmentation de capital social
- Mise à jour des statuts de la société

G-CL423/1-1



**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Ankatso

# Nitokona ireo mpianatra may trano

Nidina an-dalambe nanapaka lalana tamin'ny fandorana kodiarana ireo mpianatra eny Ankatso II omaly. Mitaraina mantsy izy ireo, indrindra izay tsy manana trano fonenana taorian'ny fahamaizana nitranga tamin' ny volana may 2020 fa mijaly. "Tsy misy fandraisana andraikitra taorian'ny nahamaizan'ny Amical II. Tsy maintsy nitady vahaolana izahay ka anisan' izany ny fisisihana mpianatra efatra anaty trano natokana ho an'olona iray na roa. Trano jiafotsy ireny no voatery hipetrahanay." hoy ny solontenan'ireo mpianatra. Marobe anefa ny olana aterak'izany satria ny tsy fandriampahalemana iarahan'ny rehetra mahita fa tsy milamina intsony ny tany. Ny fitaovana sy ny fananana rehetra anefa tsy maintsy hajanona ao antrano rehefa mandeha mianatra. Ny trano fidiovana manahirana, indrindra ho an'ny vehivavy. Ny olana amin'ny fahazoana herinaratra tsy tantaraina intsony satria voatery misintona amin'ny toerana hafa izy ireo. Trano vonjimaika mantsy no hipetrahana ka mangataka ny hitadiavana vahaolana maharitra izy ireo dia ny fanamboarana trano. Anisan'ny tsy mazavazava mihitsy ny fizarana tranon' ny mpianatra eny Ankatso eny ary raha ny tokony ho izy tsy mipetraka eny mandava-taona ny mpianatra fa rehefa fialantsasatra lehibe dia tokony miala ao amin'ny trano toy ny natao tany Toamasina farany teo. Mangataka trano vaovao dia rehefa manomboka ny taom-pianarana vao miverina monina ao amin'ny tranon'ny mpianatra indray. Etsy ankilan'izay, mitohy ny fametrahana ilay fantsona rano notakian'ny mpianatra farany teo. Efa mandeha ny asa ary manantena fahavitan'izany faran' izay haingana ireo mpianatra.

**Nath**

Lycée Sambava

# Mitokona ireo mpianatra, nofantsihana ny biraon'ny "proviseur"

Nitokona tsy nety nianatra ireo mpianatra ao amin'ny Lycée Sambava omaly. Nofantsihin'izy ireo ny biraon'ny "proviseur" satria tsy eken'izy ireo intsony ny hiverenany miasa ao. Araka ny fanazavana azo avy any an-toerana, nisy fanodinkodinam-bola nataon'ny tomponandraikitra eo anivon'ny Fram ka manahy amin'ny tsy fahazoana ny tambinkaramany ireo mpampianatra. Nolazain'ny mpampianatra sasany fa tsy vao izao no nitranga ny savorovoro fa efa hatramin'ny tapaky ny volana desambra. Tsy voaloa ara-potoana ny karaman'ireo mpampianatra "vacataire" sasany ary tsy nozaraina ny bileta an'ireo mpianatra kilasy famaranana sy T11 raha tsy ny 9 janoary 2023 fotoana nidiran'ireo mpianatra. Tamin' izay, nifanarahana fa hajoro ny komity itady vahaolana saingy hatramin'izao fotoana izao tsy nisy izany hoy hatrany ny mpampianatra. Tsy izay ihany anefa fa nisy tamin'ireo mpampianatra nafindra toerana tampoka, mpampianatra taranja frantsay navadika ho lasa mpampianatra Malagasy. Voalaza anefa fa tsy azo atao mihitsy ny mamindra toerana mpampianatra anelanelam-potoana raha tsy zavatra efa maika. Ny DREN SAVA kosa nanazava fa efa nivoaka ny fanapahakevitra avy eo anivon'ny minisiteran'ny fanabeazampirenena fa ho ajanona ny proviseur teo aloha ary ho tanterahina anio ny famindram-pitantanana eo amin' ny roa tonta. Efa mandeha ny fanadihadiana mikasika io fanodikodinam-bola io. Manan-tsafidy tsara ihany koa ireo mpampianatra ka izay maniry hiasa dia afaka miasa dia izay tsy te hiasa andraisana fepetra hoy hatrany Atoa Mario, DREN Sava.

**Nath**

Fitandrahana fasimainty - Atsimo Andrefana

# Tsy misakana ireo tanora manam-pahaizana zanaky ny faritra

Mafana ny ady hevitra mikasika ny raharaha Base Toliara. *"Hatramin'izao aloha, dia tsy manana olana amin' ny fetikasa Base Toliara ireo tanora manam-pahaizana, satria ny fikambananay dia miasa ho an'ny fampandrosoana ny faritanin'i Toliara sy ny vahoaka malagasy tsy an-kanavaka."*, hoy Ulrich Zafera, filoha lefitry ny fikambanana JC FATO (Jeunes Cadres Faritra Toliara). Na izany aza, nambaran'ity zanaky ny faritra Atsimo Andrefana ity fa mitaky amin'ny Base Toliara ny hanajana ny bokin'andraikitra amin'ny antsipirihany ireo mpikambana na eo amin'ny lafiny ara-tontolo iainana izany na ara-tsôsialy sy ara-toekarena. Manaiky izy ireo fa hitondra fampandrosoana ho an'ny faritra ny asa hifotrona ao anatin'ity tetikasa ity, saingy tokony handray anjara amin'ny fampiroboroboana ny famoronana asa miteraka fampidiram-bola hafa sy manatsarana ny fari-piainan'ny vahoaka izany. *"Ny fasimainty ao Ranobe no hotrandrahan'ny Base Toliara, ary hirotsaka an-tsehatra hanara-maso izahay tanora manam-pahaizana, indrindra fa ireo tombony azo avy amin' ny tetikasa hositrahan'ny vahoaka eny ifotony. Harahinay maso akaiky fiantraikan'ny tetikasa eo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, indrindra fa any amin'ireo vahoaka voakasika, satria raha mifanohitra amin'izany ny zavamiseho dia tsy misy dikany ny ezaka vita teto amin'ny faritra."*, hoy hatrany i Ulrich Zafera.

**R. Muray**

Nosy malagasy

# "Tsy manaiky hatramin'ny farany ny mety hisian'ny fiaraha-mitantana", ny Seces

Manoloana ny fisiana fanehoan-kevitra izay mandeha mahakasika an'ireo nosy Malagasy miisa dimy dia namoaka ny hevitra iombonana ihany koa ny Seces nasionaly. *"Tsy manaiky hatramin'ny farany ny mety hisian'ny fiaraha-mitantana an'ireo nosy Malagasy ireo izahay Sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eto Madagasikara. Ny fanananao ve izay bodoin'olona na firenena anankiray izay nanao tsinotsinona ny firenenao dia izy indray no mametraka ny fitsipika rehetra hitantanana an'ireo nosy ireo ? Ny zava-dehibe dia tokony hijoro ny fitondram-panjakana sy ny Malagasy rehetra miaro ny fananany sy ny olona ao aminy, sy izay rehetra ananany satria io no atao hoe: rehareha sy fiandrianampirenena. Raha ny tokony ho izy dia tokony ho sarotiny amin'izany isika rehetra. Izay no angatahana amin'ny fitondram-panjakana hametraka ny fitsipi-dalao ao anatin'io ka tsy ilay olona mibodo ny tanintsika indray no hanao sy hametraka ny fitsipika rehetra hoe; ahoana ny hamerenana an'ilay tany satria iaraha-mahalala fa nosy Malagasy ireo"*, hoy ny Dr Randriamialinoro Faliarivony, filohan'ny Seces nasionaly.

**Tsy misy resaka tafika**

Firenena mahaelo tena i Madagasikara, koa mila miray fo tanteraka sy miaramientana isika rehetra hitaky amin'ireo mpananibohitra tsy misy fepetra sy tsy misy hatak'andro an'ireo nosy Malagasy. "Io tsy misy resaka tafika na hananibohitra toy ny tany aloha, tsy izay fa ny fanehoana amin'ny alalan'ny diplômasia hoe : aiza ho aiza isika Malagasy amin'izay fotoana izay ? Satria ny fisian'izany no ahitan'ny firenen-drehetra taratra raha efa nanao dingana ny firenena mikambana hoe: antsika Malagasy ny tany ka manohana anareo izahay. Inona ary no hataontsika Malagasy ? Efa nanao an' izay ve ny firenentsika", hoy hatrany ny Dr Randriamialinoro Faliarivony, filohan'ny sendikàn'ny Seces nasionaly. Azo ambara fa mandrimandry manana aretina ihany isika Malagasy manoloana ny fitakiana an'ireo nosy Malagasy izay harempirenena sy efa neken'ny firenena mikambana ny maha fanantsika an'ireo nosy dimy ireo.

**HAR**

Faritra manokana ao Vakinankaratra

# Vondrona mpitrandraka 9 nomena fahazoan-dalana

Nametrahana faritra voatokana hanaovana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany madinika ny ao amin'ny faritra Vakinakaratra. Vondrona mpitrandraka madinika sivy avy ao amin'ny distrikan'Antsirabe II sy Betafo ary Mandoto no nahafeno fepetra, ka notolorana ny bokin'andraikitra hahafahan'izy ireo miasa eny amin'ny faritra efa voatokana. Talohan'ny nanomezana azy ireo ity bokin'andraikitra ity, dia nisy ny fihaonan'ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika tamin'ireo tomponandraiki-panjakana tao amin'ny renivohitry ny faritra Vakinankaratra tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, izay narahin'ny fivoriana niaraka tamin'ireo mpitrandraka madinika nahazo alalana hiasa anaty faritra voatokana ao amin'ity faritra ity. Araka ny fanazavana nentin'ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy, dia mijanona amin'ireo fepetra rehetra azon'ny mpitrandraka madinika atao ny asan'izy ireo any anaty faritra voatokana. Ankoatra ny fanajana fepetra eo amin'ny lafiny ara-tontolo iainana sy ara-tsôsialy, dia tsy azon'izy ireo atao ny mampiasa fitaovam-pitrandrahana goavana araka ny efa voafaritra ao anatin'ny lalàna mifehy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Amin'ny maha faritra voatokana azy koa, dia sady tsy tafiditra anaty faritra arovana no tsy manitsaka faritra efa nanomezana fahazoan-dalana. Faritra malalaka mbola tsy misy tompony araka izany no omena ireo vondrona mpitrandraka madinika hanaovany fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Namafisin'ny Minisitra ny vinan'ny fanjakana eo amin'ny fitantanana lovain-jafy ny harena voajanahary sy ny tanjon'ny politika ankapoben'ny fanjakana amin'ny fampiroboroboana ny fitrandrahana vaventy sy ny fampidirana ho matihanina ireo mpitrandraka madinika.

**R. Muray**

Toetr'andro

# Tsy mbola misy ny fiforonana rivodoza mahakasika antsika

Nambaran'ny teknisianina mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, Lahatra Mampionona fa tsy mbola misy fiforonana rivodoza mahakasika ny fari-dranomasina manodidina an'i Madagasikara amin'ity herinandro ity. Mandrafitra ny mety ho toetry ny andro any amin'ny ilany atsinanana kosa anefa ny varatraza. Mbola hahazo orambaratra ny any avaratra sy avaratra andrefana ary ny afovoany andrefana rehetra. Mbola hanorana malefaka miatoato kosa any amin'ny morontsiraka atsinanana. Ho an'ny ilany atsinanan'ny afovoan-tany kosa ho maloka na handrahona arahina orana manify ho amin'ny anio sy alarobia. Hanorana tandrifindrahona mety arahin-kotroka any Diana, Sofia, Betsiboka, Boeny, Melaky, Itasy, Bongolava ary Menabe. Ho maina ny andro any amin'ny faritra hafa. Mila miomana amin'ny aro orana foana ny rehetra amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 924 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

### Atin-kena sy poarao

**Zavatra ilaina :** atin-kena, poarao, voatabia, tongolobe, tongolo gasy, dipoavatra, sira, menaka.

**Fikarakarana azy :** Rehefa voadio tsara ny atin-kena dia tetehina ary tsihifina tsara ny ranony. Lomana sira sy tongolo gasy voatoto. Hafanaina ny menaka dia arotsaka ny atin-kena. Endakendasina tsara ka rehefa tsy misy rà intsony dia arotsaka amin'izay ny poarao efa voatetika. Asiana voatabia sy tongolo ary dipoavatra. Avela hiketrika. Tsy atao masaka be loatra. Esorina rehefa masaka ary azo aroso avy hatrany.